

# NY OGM

## sy ireo mety ho fiatraikany amin'ny zavamananaina

## Teny mialoha

Ao anatin'ny tetik'asa « biosécurité » eto Madagasikara , ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Ala miara miasa sy mandray anjara feno amin'ny Kaomitim-pirenena hoan'ny "biosécurité", tonga saina amin'ireo mety ho fiantraikan'ny bioteknolojia indrindra ny "Organisme Génétiquement Modifié" (Zava manan'aina nasiam-panovan-tarazo) amin'ny fahasalaman'izay rehetra miaina sy ny zava-manan'aina, dia namorona ity boky ity mba hampahafantarana ny fisian'ny OGM manerana ny firenena maro nefa mety hitera- doza ho an'ny zava-manan'aina sy ny fahasalaman-tsika rehetra.
Noho izany, notontosaina ity boky kely ity ho an'ny olon-drehetra ary indrindra ho an'ireo olona miasa amin'ny sehatra mahakasika ny zava-manan'aina ohatra ny haino aman-jery, ny mpamokatra, ireo orin'asa vaventy mpanodina sakafo, ireo sampam-pianarana isan-karazany, ireo vondrona isan-karazany tsy miankina amin'ny fanjakana, ireo sehatra tsy miakina samihafa…

## Fandaharana :


Ny zava-manan'aina eto Madagasikara……....................……………..........…........…..2

Ny "Biotechnolojia" sy ny "Biosécurité"…….....................……………….................….3

Inona no atao hoe "Organisme Génétiquement Modifié" na Zava manan'aina nasiam-panovan-tarazo…………………………............................……………...……4

Ny fomba fanamboarana OGM……...................................…………..................…………...5

Ireo vokatra OGM eo amin'ny tsena iraisam-pirenena ary mety ho tafiditra eto Madagasikara……………………………….........................................…………..6

Ireo mety ho fiantraikan'ireo OGM amin'ny zava-manan'aina sy izay rehetra miaina……………………………..............................…..................................………………….7

Ireo lalàna mifehy ny OGM………………….................................................…………...8

Fehiny……………………………………………..............................................…………...9


*Nb: Ny sary rehetra ampisehoana ato anatin'ity boky ity dia sary fanehoana fotsiny ihany*

## Fehiny

Ny ankabeazan'ny olona dia tsy mahafantatra akory ny atao hoe bioteknolojia indrindra ny"OGM" kanefa, maro ireo mety ho voka-dratsy aterany eo amin'ny zavamananaina sy ny fahasalamana na dia eo aza ireo voka-tsoa aterany.

Azo trandrahana tsara ny bioteknolojia fa tokony atao am-pahamendrehana ny fampiharana azy.

Efa tafapetraka tsara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ireo lalàna mikasika ny famarotana sy fivezivezen'ny OGM, ary mihatra avy hatrany izany ho an'ireo firenena nankatoa izany. Ny firenena tsirairay ihany koa anefa dia tokony hanana politika maty paika mahakasika izany rehetra izany.

Farany, raha toa ka manaiky ny fampidirana ireo vokatra ahitana OGM ny firenena iray dia tsy maintsy mànana lalàna voatokana amin'izany, ary tokony ho tonga saina amin'ireo voka-dratsy aterak'izany eo amin'ny zavamananaina misy eo aminy.



## Ny zava-manan'aina sy ny tontolo iainana eto Madagasikara

Maherin'ny 12000 isa ny karazan-javamaniry ary manodidina ny 1000 isa ny karazam-biby na mampinono, na mandady na mikisaka, na mivelona ao anaty rano na vorona no mitoetra eto amin'ity nosy Madagasikara ity. Ny ankabeazan'izy ireo dia tsy fahita afa-tsy eto ihany (10000 ny zava-maniry ary 1000 ny biby).



- Manan-karena ala isika
- Manan-karena haren-dranomasina
- Biby : gidro, tanalaha, sahona, sokatra, trozona…
- Maro ireo honko itoeran'ny trondro, foza, fanatodizan'ny makamba,…



Maro karazana ny zavamaniry famboly ohatra ny vary misy karazany hatramin'ny 3 000, ny akondro, ny kafe ...
Mamatsy izay mety ho filan-tsika ny ala: kitay, toerana fihazana, hazo sarobidy, sakafo isan-karazany…
Manome antsika fanafody ny zava-maniry

Voasokajy ho vakoka iraisam-pirenena i Madagasikara ary lasa toeram-pizahantany malaza.



Kanefa, maro ny olana mianjady an'ireo zavatra mahafinaritra ireo.

Amin'ny lafin'iray, eo ny fitrandrahana tsy ara-drariny, fanimbana ny ala, fanondranana antsokosoko, ny Tavy sy ny doron-tanety…..

Amin'ny lafin'ny faha roa, tsy mitsaha mitombo ny toeram-pamombolena sy famokarana OGM. Maro ihany koa ny vokatra OGM mivezivezy eo amin'ny tsena iraisam-pirenena na manara-dalàna na tsia kanefa mbola adi-hevitra hatrany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

# Ny bioteknolojia

Fampiharana ireo tetika sy paik'ady vokatry ny fikarohana siantifika amin'ny zava-manan'aina mba entina ho amin'ny famokarana, fampitomboana ny vokatra sy ny fikarohana ary ireo asa-tsara sy fanasoavana.



### Sehatra ivelarany:

Fikarohana siantifka, sakafo sy sakafom-biby, orin'asa isan-karazany, tontolo iainana, fahasalamana…



## Biosecurité

Ireo tokony ho fomba fijerin'ny daholobe mahakasika ireo lalàna sy ny paik'ady politika mba ahafahana mamakafaka sy mandinika ary mintantana ireo mety ho loza mianjady amin'ny zava-manan'aina: ny biby fiompy, ny zava-maniry, fiarovana ny tontolo iainana, ny fahasalaman'ny olombelona.

### Sehatra ivelarany :

Sakafo, fahasalaman'ireo karazan-bidy sy biby fiompy, fahasalaman'ireo zava-maniry sy fambolena, fidiran'ireo biby kely mpanimba voly, fitantanana ny zava-maniry mora miparitaka ka mety manimba ireo zava-manan'aina hafa,…,fimparitahan'ireo OGM.




# Ireo lalàna mifehy ny OGM

Maro tokoa ireo lalàna mifehy ireny zavamananaina nasiam-panovana ireny. Na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenana na eny anivon'ny firenena tsirairay.

Raha ny firenen-dehibe (Etazonia, Eraopa,…) na dia efa mipetraka tsara ny fampiharana ireny lalàna ireny na dia mbola mampisy adi-hevitra ihany aza matetika.

Ho an'ireo firenena andalam-pandrosoana kosa anefa dia mbola misy sasan-tsasany tsy manana lalàna mifehy ny OGM ary raha misy aza izany dia goragora sy ahitana lesoka ny fampiarana azy.



# Ireo fiantraikany eo amin'ny zavamananaina sy ny tontolo iainana

Ny fiparitahan'ny foto-tarazo, mahamomba ohatra, avy amin'ny zavamaniry OGM dia mety hiatraika amin'ny zavamaniry hafa satria ny vovom-bony dia afaka mifanakalo.

Noho izany, ny zavamaniry izay mandray azy ireny dia mety handray izay toetra mahamomba izay koa.

Ny zavamaniry OGM izay mamokatra poizina mahafaty bibikely mpanimba voly dia mety hamono karazam-biby hafa koa toy ny tantely ohatra.

Noho izany dia mety hampihena ny famaroan'ny karazam-biby kely eo amin'io toerana io ny fambolena ny OGM.

Ny fampiasana ny zavamaniry OGM mahatanty aretina mandritra ny fotoana maharitra ohatra(lavitrezaka) dia mety hanova ny toetran'ilay aretina ka hanjary mihamasiaka hatrany.







## Ny mety ho fiatraikan'ny OGM amin'ny fahasalamana:

Allergie: ny fihinana sakafo misy OGM maharitra dia mety hiteraka "allergie" amin'ny sokajon'olona sasany.

Fanapoizinana: ny zavamaniry OGM dia mety hamokatra akora simika mety hanimba ny fahasalaman'ny biby na ny olona mihinana azy ireny any aoriana.



# Ny OGM sy ireo sehatra fampiharana azy


## OGM

Ny OGM dia ireo zava-manan'aina rehetra izay nasiam-panovana ny foto-tarazony, avy amin'ny alalan'ny fampiharana ny vokatry ny fikarohana siantifika sy ireo teknika samihafa noforonon'olombelona mba hananany toetra vaovao .





## SEHATRA IVELARAN'NY OGM











# Teknika fanamboarana OGM

**Na dia maro aza ny teknika fanamboarana OGM dia mitovy ihany ny hevi-dehibe ampiasaina amin'izany:**

1 Fantarina aloha avy eo tapahana ny foto-tarazo ny zava-manan'aina iray izay tiana ampidirana amina zava-manan'aina hafa (ohatra : tarazo ahafahana miady amin'ny aretin-javamaniry, manova lokom- boakazao,…).



2 Avy eo, ampitodrana amin'ny mpampita io foto-tarazo mba ahatongavany any anatin'ny selan'ilay zava-manan'aina tiana anan-tsofohana azy. Ny mpitondra hafatra tena fampiasa dia ilay bacteria antsoina hoe Agrobacterium.



3 Rehefa tafiditra amin'ilay selan'ilay zava-manan'aina tiana ilay foto-tarazo dia mandalo ireo fanandramana samihafa ilay zava-manan'aina nasiana fanovana.

Rehefa hita fa miova ny toetoetra sy/na endrik'ilay zava-manan'aina dia lazaina fa « OGM » izy.







# Ireo vokatra OGM

Ny vokatra OGM na misy OGM tena miparitaka, indrindra any amin'ny firenen-dehibe (Etazonia, Sinoa) dia ny katsaka, soja, landy hazo, karazam-barim-bazaha ("colza"), korizety, "oeillet", papay, betiravy,…Ho an'ireo firenena andalam-pandrosoana indray dia ny katsaka, soja, landy hazo, karazam-barim-bazaha ("colza") no tena vokatra OGM.

Azo tsinjaraina anaty sokajy maro ny vokatra (misy) OGM miankina amin'ny fampiasana azy:

- Sakafo sy sakafom-biby
- Masomboly
- Fanafody
- Akora fototra fanodina







Amin'izao fotoana izao, eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, efa miisa 489 no vokatra OGM vita araka ny http://www.isaaa.org/gmapprovaldatabase